“Rehefa anontaniana ny mpino silamo iray ao am-pasana dia : Mijoro ho vavolombelona izy fa tsy misy tompo marina afa-tsy Allah ary i Mohammad dia irak’Allah

Tatitra azo avy tamin'i Barrat bin Aazib (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Rehefa anontaniana ny mpino silamo iray ao am-pasana dia : Mijoro ho vavolombelona izy fa tsy misy tompo marina afa-tsy Allah ary i Mohammad dia irak’Allah”, izany ilay teniny manao hoe : {Hamafisin'I Allah amin'ny teny entitra ireo mpino eto amin'ny fiainana sy any ankoatra} [Ibrahim: 27].

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Hanontaniana ny mpino any am-pasana, ary ireo anjely roa voatendry hanao izany dia hanontany azy, dia i Monkar sy Nakir izany, hita ny anaran'izy roa amin’ireo hadith maro. Ka mijoro ho vavolombelona izy fa tsy misy tompo marina afa-tsy Allah ary i Mohammad dia irak’i Allah, Hoy ny Mpaminany (S.A.W) : “Io no teny marina sy entitra izay nilazan’i Allah manao hoe : {Hamafisin'Allah amin'ny teny entitra ireo mpino eto amin'ny fiainana sy any ankoatra} [Ibrahim: 27].

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4206